# ALAHADY 05 MEY 2019

**« Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikambanana amin' ny tsy mino. Fa inona no iraisan' ny fahamarinana sy ny fahotana? Ary inona no iombonan' ny mazava sy ny maizina? « Koa mivoaha eo aminy hianareo, ka misaraha aminy, hoy Jehovah, Ary aza manendry izay zavatra tsy madio; Ary Izaho handray anareo ». 2 Korintiana 6 : 14 ; 17**

Manafatra antsika ny Tompo hoe : «  manànà amin'izay fahamarinana », na hoe : « mitomboa amin'ny fahamarinana eo anatrehako ». Baiko izany ry havana. Ary hahazoana manatanteraka an'izany, dia araka ilay **and.17**, hoe : misy zavatra ao tokony hisarahana, misy zavatra ao tokony hivoahana, tokony hialana. Baiko ny hoe : *« Koa mivoaha eo aminy hianareo, ka misaraha aminy »*.

Ny fanontaniana ry havana, apetraky ny Tompo aminao amin'izao maraina izao, dia hoe : avy amin'ny toerana inona no tokony hivoahanao ? Ary olona iza amin'ireo olona ifandraisanao ireo no tokony hisarahanao ? Misy mpitoriteny anankiray izay ry havana, nitory teny momba ity 2 Korintiana ity dia hoy izy hoe : misy olona, hoy izy, tokony isarahantsika, misy toerana tokony ialantsika, misy olona tokony isarahantsika, satria ireny ilay karazana olona, ilay karazana relation antsoina hoe : « relation toxique ». Toxique izany, toxine izany, poizina. Poizina izany. Misy relation toxique ry havana satria manimba, manimba an'ilay olona mifandray amin'iny relation toxique iny. Izay no lazain'ny Soratra Masina eto, ilay hoe : *« Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo hikambanana amin' ny tsy mino »*.  Ny relation toxique, dia lasa toxique ilay izy satria olona avelanao hiray zioga aminao. Tsy ny olona rehetra eto an-tany akory no hoe relation toxique ; fa ilay olona izay hoe nosafidianao na apetraka hiray zioga aminao. Izany hoe, tena hoe hiara-dalana aminao, ary hiara-dalana akaiky isan'andro isan'andro. Hoy ny Tompo aminao hoe : *« Aza mety hasiana zioga tsy antonona anareo*

*hikambanana amin' ny tsy mino »*. Ny zioga moa, dia amin'ireny omby ireny, ilay mamatotra ny omby anankiroa mba hahazoany miray lalana sy miara-dia : « Aza mety hasiana zioga tsy antonona : misaraha amin'ny relation toxique ». **RESAKA RELATION TOXIQUE –** Mivoaha, misaraha.

Jerentsika ny **Deoteronomia 22 :10** : efa fahamarinana hatrany amin'ny Testamenta Taloha ry havana io ilay hoe misy zioga tsy antonona, misy zioga tsy antonona. **Deoteronomia 22 :10** : *« Aza mampikambana omby sy boriky hiasa tany »*. Ao amin'ny Testamenta Taloha io, fa efa ao ny eritreritra hoe manakambana. Ny boriky, dia kilasian'ny Soratra Masina, satria ny Soratra Masina no milaza an'izany tao amin'ny Testamenta Taloha, dia hoe kilasiana biby maloto. Ka tsy mety, raha ny omby izay biby azo ampiasaina, biby madio, akambanao, ataonao iray zioga amin'ny biby maloto. Izay ilay foto-kevitra. Ary ilay vokatr'ilay fanakambanana an'ireo, satria tsy tokony akambana ny omby sy ny boriky, dia hoe : na ireo hiady, na ireo hifandratra. Izany ry havana ilay relation toxique. Izany ilay relation toxique izany. Manimba anao izany. Mifamono ilay olona manana relation toxique, mifandratra izy, ary tsy mifampandroso.

Misy sehatra 3 ry havana eo amin'ny fiaraha-monina andinihina an'izay hoe relation toxique izay, andinihina an'izay hoe zioga tsy antonona izay, dia tenenina hoe : « Aza mety asiana zioga tsy antonona. Ary aza ianao indray ary no mitady ilay zioga tsy antonona e ». Izay ilay zavatra.

1. **<u>Sehatra voalohany ry havana, dia ny sehatry ny fiaraha-miasa sy ny fiaraha-monina</u>**

Aza mety asiana zioga, aza mitady associé, aza mitady mpiara-miasa izay tsy mino. Aza mitasdy associé, aza mitady mpiara-miasa, izay ilay iray zioga. Raha ao amina orinasa ngeza be moa ianao ka fantatrao fa ilay secrétaire, na ilay directeur, hoe tsy mino, tsy problemanao izany. Fa raha ianao, hamorona orinasa, na ianao manana projet, dia tsara be ilay projet, dia

hoe : Pasitera, ento am-bavaka ity fa tsara be ity projet ity, saingy izao, izy mianakavy partenaires ao aloa dia tsisy mino e. Izay ilay zavatra : ialao izany, mivoaha amin’izany ry havana o, mivoaha amin’izany. Ka ilay izy Pasitera, projet amina miliara, izay aho vao nahita projet ohatran’izany : misaraha, mivoaha amin’izany ianao e. Izany no atao hoe mino ry havana o. Inona no iraisan’ny fahamarinana amin’ny tsy mino.

Misy tovolahy izay, katekomeniko, katekomena tato moa izany e, dia izy efa tany amin’ny faha-40 taonany tany vao nirotsaka catéchumène, ary satria izy efa 40 taona dia tamin’ny fandresen-dahatra tanteraka mihitsy no nanaovany catéchumène, ary tena nahafinaritra ny ni-accompagné azy, tena ni-accompagné-na manokana, nanaovana dinika manokana nandritra ny taona naha-katekomena azy izay ranamana izay, tena nahafinaritra mihitsy. Dia taty aoriana izy, herintaona sa roa taona taorian’ny nivoahany katekomena, dia : Pasitera an, vonjeo aho, vonjeo aho, vonjeo aho. Dia hoe, fa misy inona hoy aho ? Tena tapi-dalan-kaleha, tapi-dalan-kaleha : izaho efa katekomena iny dia nisy projet ngeza be izay tena hoe nahafinaritra ilay izy, tena hoe haiko ilay izy, olona mahay daholo, olona manana traikefa amin’ilay izy daholo ilay izy, nahita bailleurs izahay tamin’ilay izy. Fa izao, hoy izy : izahay mbola tsy nisy fotoana mihitsy mba hoe niara-nivavaka ho an’io projet io. Ary raha ny marina, ireo associé-ko ireo, tsisy mpiditra am-piangonana. Fa izao no tena nahakivy ahy hoy izy, mandroso ilay projet, mandroso ilay projet, nony efa tonga ny hoe hanao signature, misy étapes isan-karazany, tsy nety tanteraka mihitsy ilay signature Pasitera an. Tsy ahoan-tsy ahoana eo, tsy tanteraka ilay izy. Fa ahoana hoy aho ? Izao koa aloa no tantaraiko an’i Pasitera e, ao aminay ao, olona 4 izahay no associés ao, dia rehefa hoe hanao an’ilay signature, miteny ilay bailleur androany, hoe andao hanao signature, dia hoy ny anankiray hoe tsy mety io amin’ny zoma tondroinareo io. Dia hoe fa ahoana no tsy mety ? Tsy mety fotsiny io e. Maninona no tsy mety ? An an an, misy niteny

tamiko hoe tsy mety io andro io, dia hoe iza. Hay, ilay mpitaiza an’ilay associé any ananon’anona any. Ry havana ô, izany ilay relation toxique izany. Milaza aminao izy hoe ny vola no zava-dehibe, misy projet ity ; fa ny hoe ho any amin’ny mpanandro sy ny karazany, tsy problema aminy, ary mitaona, mitaona, mitaona anao ho any izy. Hoy ny Tompo hoe : misaraha e ! Misaraha amin’izany ry havana ô. Mivoaha amin’izany projet izany e ! Fa toxique izany.

2. **<u>Sehatra faharoa ry havana, hoe tokony hisarahana, tokony hivoahana, dia eo amin’ilay fiaraha-monina maha-mpinamana</u>**

Ilay olona atao hoe tena namana, ilay olona ho atao hoe namana akaiky, ilay olona ho atao hoe meilleur(e) ami(e) : ialao ny relation toxique ry havana ô, ialao ny relation toxique. Ahoana moa no ahafantarana olona, hoe tsy mino izy ry havana ?

Manomboka amin’ny abidy an’ny finoana sy ny pratikan’ny Fiangonana ry havana : ny olona tsy mino, tsy mba mpiditra am-piangonana, afa-tsy amin’ny mariage, afa-tsy amin’ny fandevenana : tsy mpiditra am-piangonana izy. Ary tsy mpiditra am-piangonana izy, ka rehefa miditra am-piangonana izy, ankoatra ny mariage sy ny fandevenana, dia raisiny hoe adidy mavesatra be izany, mahakamo be izany. Ny olona mino, ny olona mankaty am-piangonana, araka ny tenin’i Davida, hoe, tena faly, faly aho raha hoy izy ireo tamiko hoe andeha ho any an-tranon’i Jehovah. Faly izy, tena hoe tsy andriny izay ankanesana any am-piangonana ny Alahady. Ary faly izy mankaty am-piangonana, ary araka ny Salamo 100, tena hoe manompo amin’ny fifaliana. Izany ny olona mino ry havana o, izany ny olona mino.

Eo ianareo tanora e, eo koa isika lehibe, namana toxique ry havana, relation toxique manampoizina anao, manimba anao, izany hoe namana miteny hoe : andao lesy mba hanao programa amin’ny Alahady maraina an. Dia hoe ahoana ? Efa ela isika izay no tsy nanao kart, nanao karting ; andao lesy fa misy

championnat-na fampiadiana akoho lahy ery an'anona ery an. Maraina isika dia efa mankany ; na andao lesy hanao moto kely an ; izany, fa tsy mankaty am-piangonana. Izay ilay izy ry havana, izay ilay izy. Isaraho izany olona izany, ialao izany olona izany, mivoaha amin'izany fifandraisana izany. Dia hoy ilay mpitoriteny anankiray izay hoe, ny dikan'izany ve dia avela eo fotsiny izy dia ahoana izany, abandonné-na eo ve izy ? Abandonné-na e ove izy ? Tsy abandonné-na izy ry havana ô, tsy abandonné-na izy, fa izao : raha hiaraka aminy ianao, ovay ny votoatin-dresaka, raha hiaraka aminy ianao, ovay ny toerana faleha, raha hiaraka aminy ianao, teneno hoe andao ary lesy an, mba hiara-hiangona amin'ny Alahady. Fa rehefa tsy izay, amitié toxique izany, fifandraisana manampoizina, manimba.

Nahafinaritra ahy, témoignage-na mpanompon'Andriamanitra tato, mitantara ny nifankahitan'izy mivady izy dia hoe izaho hoy izy engagée be ato am-piangonana, mianatra be en semaine, dia Alahady ihany izahay hoy izy vao mba afaka mihaona. Izaho anefa hoy izy manana engagement aty am-piangonana, dia izao no noteneniko taminy : adao, jereo any am-piangonana aho rehefa mirava. Dia tonga taty ilay ranamana mijery an'ilay ankizy vavy, dia mahatratra tso-drano izy, dia tiany be ilay tso-drano tato Isotry Fitiavana ; dia lasa tonga aloaloa kely izy, dia lasa nahatratra toriteny, dia teny be ilay toriteny tato Isotry Fitiavana, dia avy eo izy an, lasa nivavaka tato Isotry Fitiavana, dia lasa nivady izy roa. Ranamana io katolika izany. Azonareo ilay zavatra ? Izay : satria ilay ankizy vavy niteny tamin'ilay namany hoe any am-piangonana isika mifankahita.

Ry havana ô, jereo izay ho namana, ary fotoana hisafidiana izay ho namana izao fotoana izao. Tsy miavona izany, fa vonjy aina izany, vonjy Fanahy izany.

3. **<u>Sehatra fahatelo tokony ialana ny relation toxique ry havana, dia ny fanambadiana</u>**

Ialao ny relation toxique rehefa hanambady ianao. Ary io ry havana ô, rehefa mbola hoe misaina tsara ianao ; inona no dikan'ny hoe misaina tsara ? Mbola tsy mitempo fitiavana ny fonao, eo ianao no afaka mamantatra hoe ity relation toxique, ary tsy tiako ho vadiko ity, na ray na renin-janako. Any, mbola tsy miteompo fitiavana. Fa rehefa mitempo fitiavana ianao dia izao no teneninao amin'ny ray aman-dreny, izao no teneninao amin'i Pasitera, izao no teneninao amin'ny olona mba mananatra anao : « izy tsara fanahy, izy manaja, izy ohatran'izao, izy mba efa miasa, izy mba izao, dia izay izy tsy mino izay ve dia ataonareo problema e ». Izany, izany isika mianakavy ry havana ; Ialao izany relation toxique izany ry havana ô, ialao izany.

Misy olona ry havana manamarina ny tenin'ny Soratra Masina hoe : ilay vady tsy mino iny, noho ny famindram-pon'ny Tompo manokana, dia tena hoe niova fo tao anatin'ny fanambadiana ; mais c'est l'exception qui confirme la règle. Aza manambady olona tsy mino e. Aza miray zioga amin'olona tsy antonona anao satria tsy mino, ao anatin'ny ziogan'ny fanambadiana ry havana ô : hanenenanao tongotra aman-tanana izany. Jerentsika ny **Lioka 11 :11 :** *« Fa iza moa aminareo izay ray, raha angatahan' ny zanany mofo, no hanome azy vato? ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana ho solon' ny hazandrano? »*. Ilay hazandrano ry havana dia hoe sarintsika zanaky ny Raintsika, sarintsika mpino, sarintsika Zanak'Andriamanitra. Ny menarana dia biby, ny menarana dia sarin'ny zanaky ny devoly. Ry havana ô, rehefa hijery izay hoe zioga apetraka eo aminao eo anivon'ny fanambadiana ianao, hazandrano ianao : jereo tsara rehefa mbola tsy mitempo fitiavana ny fonao, sao dia menarana no ataonao hiray zioga aminao. Ny menarana : mpanohitra ny tenin'Andriamanitra ; ny menarana : mpaniratsira an'Andriamanitra ; ny menarana : tsy manao ho loha-laharana an'Andriamanitra. Hanenenanao tongotra aman-tanana izany ; ialao, mivoaha amin'ny relation toxique.

Miverina amin'ny **2 Korintiana 6** isika ry havana, mamarana. Hoy

ny **and.17** hoe : *« Koa mivoaha eo aminy hianareo, ka misaraha aminy, hoy Jehovah, Ary aza manendry izay zavatra tsy madio; Ary Izaho handray anareo ».* Izaho dia handray anareo. Misaotra ny Tompo ny amin'ny olona izay mahare an'izany teny izany dia nanapa-kevitra hoe hiala, hivoaka amin'ny relation toxique. Mitondra am-bavaka ny hafa, mitondra am-bavaka ny hafa ry havana. Fa mazava ilay izy : baiko ilay izy. Fa izao ry havana no adinon'ny olona indraindray : ianao miala na misaraka, ianao mivoaka, ho aiza ianao ? Be dia be anie ny olona e, na olona tsy mivavaka aza miteny hoe ity relation toxique e. Ilay relation toxique anie tsy tena avy ao amin'ny Baiboly e, teny fampiasa any amin'ny psychologie sy ny karazany e. Fa izao : ny Tompontsika dia milaza hoe : mialà amin'io relation toxique io, mankanesa any amin'ny Rainao. Izay ilay iy : fa Izy handray anao. Be dia be ny olona mahafantatra hoe tokony hiala ato, dia miala ato izy, miraviravy tanana izy, tsy an-tany tsy am-parafara izy, satria tsy fantany hoe miandry azy ny Ray, tahaka ny fiandrasana an'ilay zanaka adala : vao nahita azy tery alavitra tery ilay rainy dia dodona, nihazakazaka namonjy ilay zanaka adala miverina ao an-trano, rehefa niala tamin'ny fiainana toxique ry havana ô. Izay ! Fa inona ny zavatra mitranga ry havana, rehefa hoe miala ato ianao ka tsy mahafantatra mazava hoe manapa-kevitra ny hiala ato aho an, satria ny Raiko niteny hoe mialà, mivoaha? Eto ianao, ary tsy hijanona ela eto ianao e, tsy hijanona ela tsy an-tany tsy am-parafara izany ianao : miverina mikoroso fahana moramora any amin'ny fahalotoana, sy ny tsy finoana, sy ny fiainan-demony, sy ny fiainana menarana ianao ry havana ô : Lalàna, lalàna ara-panahy izany.

Tapaho ny hevitra, tapaho ny hevitra e, angataho amin'ny Tompo ry havana ô, angataho amin'ny Tompo hoe : iza marina, na inona marina, iza marina ny relation toxique ao amin'ny fiainako kanefa mety efa mahazatra ahy, hatramin'ny taona maro : associé, namana. Ao anaty fanambadiana moa, mbola hafa ; fa ianareo mbola tsy tafiditra ao no afarana, dia angataho amin'ny Tompo e : Tompo ô, omeo ahy ny saina misikina

hanapahako, hialako amin’io relation io. Fa te hanantona anao amin’izay aho, te hiverina aminao amin’izay aho ; fa fantatro fa Ray tia ahy Ianao, ary hahasoa ahy no hitenenanao hoe : misaraha amin’io, mivoaha amin’io ; hahasoa ahy no hitenenanao an’izany. Tapaho ny hevitra ry havana ô, tapaho ny hevitra. Ary tapaho ny hevitra hoe : Andriamanitra a, Andriamanitra ô, manaiky an’izay programanao ho ahy zanakao aho manomboka anio, fa ianao, ianao irery no hahasambatra ahy, hampitoetra ahy ao amin’ny fiadanana, hanome ahy ny fifalian’ny lanitra.

Ho aminareo ny fahasoavan’ny Tompo. Amena